# Mandray fanapahan-kevitra mifototra amin'ny finoana momba ny fananan-janaka

Vakio ireto olana manaraka ireto izay nambarana tanora vitsivitsy:

1. Tamin'ny nitondrako vohoka farany teo dia nandalo fahasarotana ara-pahasalamana aho izay mety mbola hitranga rehefa mitondra vohoka indray aho. Koa nanapa-kevitra izahay mivady ny tsy hanan-janaka intsony. Mahatsapa tena ho meloka aho satria roa ihany ny zanakay kanefa ny mpiray tampo amiko rehetra dia manana fianakaviana misy zanaka maro daholo.
2. Mikasa ny hanan-janaka ihany izahay mivady saingy mbola te handehandeha hitsidika toerana sy hiaina zavatra hafa izahay mialoha izany. TSY MANINONA ve ny miandry?
3. Te hanomboka hanan-janaka izahay mivady. Tsy fantatray fotsiny raha toa ka efa vonona izahay. Tsy mahatsapa ho milamina ara-bola izahay amin'izao. Ahoana no ahafantaranay hoe izao no fotoana mahamety izany?

Misafidiana iray amin'ireo olana ireo mba hifantohan'ny vondrona, ary ifanakalozy hevitra ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Amin'ny lafiny inona no mampitombina ity olana ity?
- Ahoana no ahafahanao mampiasa ny zavatra nianaranao tao amin'ny fizarana 2 ao amin'ny tahirin-kevitra hoenti-manomana ny fotoam-pianarana mba hanampiana olona iray manana io olana io?
- Tantara hafa inona ao amin'ny soratra masina na fampianarana inona avy amin'ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana no afaka manampy olona iray miatrika io olana io eo amin'ny ezaka ataony handroso amim-pinoana an' Andriamanitra?

Vakio ireto olana manaraka ireto izay nambarana tanora vitsivitsy:

1. Tamin'ny nitondrako vohoka farany teo dia nandalo fahasarotana ara-pahasalamana aho izay mety mbola hitranga rehefa mitondra vohoka indray aho. Koa nanapa-kevitra izahay mivady ny tsy hanan-janaka intsony. Mahatsapa tena ho meloka aho satria roa ihany ny zanakay kanefa ny mpiray tampo amiko rehetra dia manana fianakaviana misy zanaka maro daholo.
2. Mikasa ny hanan-janaka ihany izahay mivady saingy mbola te handehandeha hitsidika toerana sy hiaina zavatra hafa izahay mialoha izany. TSY MANINONA ve ny miandry?
3. Te hanomboka hanan-janaka izahay mivady. Tsy fantatray fotsiny raha toa ka efa vonona izahay. Tsy mahatsapa ho milamina ara-bola izahay amin'izao. Ahoana no ahafantaranay hoe izao no fotoana mahamety izany?

Misafidiana iray amin'ireo olana ireo mba hifantohan'ny vondrona, ary ifanakalozy hevitra ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Amin'ny lafiny inona no mampitombina ity olana ity?
- Ahoana no ahafahanao mampiasa ny zavatra nianaranao tao amin'ny fizarana 2 ao amin'ny tahirin-kevitra hoenti-manomana ny fotoam-pianarana mba hanampiana olona iray manana io olana io?
- Tantara hafa inona ao amin'ny soratra masina na fampianarana inona avy amin'ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana no afaka manampy olona iray miatrika io olana io eo amin'ny ezaka ataony handroso amim-pinoana an' Andriamanitra?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2022 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.